REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » ALAROBIA 19 MAY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**MITOHY NY ASA FANADIOVAN-DRANO ANY AN-TSEKOLY SY ISAM-PARITRA :**

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny haba ho fanafarana ireo fitaovana avy amin'ny UNICEF ireto toy ny : « appareil à électrolyse produisant du chlore actif » hotsinjaraiana manerana ny faritra rehetra any amin'ireo sekoly, toeram-pitsaboana ary ireo mila vonjy taitra izany. Ho raisina an-tanana ihany koa ny fandoavana ireo haba nanafarana « pompe manuelle INDIA MARK III » fanomezana avy any amin'ny UNICEF natokana ho an'ny faritra Androy.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA :

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana :</u>**

Nolaniana nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny volavolan-dalàna manova ny andininy vitsivitsy ao amin'ny lalàna laharana 2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014 mikasika ny fidiram-bolan'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, ny mikasika ny fombafomba fifidianana ary ny anjara andraikitr'ireo ratsa-mangaika any amin'ny faritra araka ny voafaritra ao anatin'ny lalàna faha 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018.

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa vaventy sy ny Minisitry ny toekarena sy ny Fitantanam-bola :</u>**

Nolaniana nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana hampiharana ny voalazan'ny lalàna laharana faha 2015-039 tamin'ny 03 febroary 2016 mikasika ny « partenariat public-privé relatif à la mise en œuvre du dialogue compétitif » eo amin'ny fanatanterahana ny asa fanaovana ny lalana migodana mampitohy an' Antananarivo sy Toamasina.

# III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena :</u>**

- **Général de Brigade RAFALIMANANA Léonard Gabriel**, dia voatendry ho lehiben'ny Kaomandin'ny « Zone de Défense et de Sécurité de Tsiafajavona » (Centre Ouest) Miarinarivo.

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany, ny Asa vaventy :</u>**

- **Ramatoa RALIHARISOA Hermine**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Bureau de Traitement des Doléances ».

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fahasalamam-Bahoaka :</u>**

- **Atoa RANDRIANJAKA Herinirina Francis**, dia voatendry ho Tale mitantana Centre Hospitalier Universitaire Mintsinjo Betanimena ao Toliara.

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana :</u>**

- **Atoa RAVALOERA Antsatiana**, dia vaotendry ho Tale Jeneraly ao amin'ny « Autorité Nationale de l'Eau et de l'Assainissement » (ANDEA).
- **Ramatoa RAKOTOBE RAHELIARISOA Holinantenaina**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Réglementation et de Protection des Ressources en Eau » ao amin'ny « Autorité Nationale de l'Eau et de l'Assainissement » (ANDEA).
- **Atoa RAJERISON Gallego Richard**, dia voatendry ho Tale misahana ny fitantanana ara-bola ao amin'ny « Autorité Nationale de l'Eau et de l'Assainissement » (ANDEA).
- **Ramatoa RASOAMIARAMANANA Ngolatiana Hobinantenaina**, dia vaotendry ho tale misahana ny « Planification, de l'Evaluation et des Ressources en Eaux, de l'Information et de la Communication» ao amin'ny Autorité Nationale de l'Eau et de l'Assainissement (ANDEA).

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosona Lovainjafy :**

- **Atoa RABENANDRIANINA Rivosoa**, dia voatendry ho Tale Jeneralin'ny Fampandrosoana Lovainjafy.
- **Ramatoa RATOVO Olitiana**, dia vaotendry ho Tale misahana ny « Programmation et de Suivi-Evaluation ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Paositra, ny Fifadraisan-davitra ary ny fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra :**

- **Ramatoa RAKOTOARIMANANA Linah Hanjarisoa**, dia voatendry ho Tale misahana ny fitantanan ny mpiasa.

## IV- FANAFOANANA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto :

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Raharaham-bahiny :**
Foana ny didim-panjakana laharana faha 2019-374 tamin'ny 20 Martsa 2019 nanendrena ny Tale misahana ny mpiasa.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fambolena, Fiompoana ary ny Jono :**
Foana ny didim-panjakana laharana faha 2016-993 tamin'ny 20 jolay 2016 nanendrena ny Coordonnateur de l'Unité de Gestion du Projet Swiofish2 (UGP/Swiosfish2)

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy :**
Foana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1134 tamin'ny 06 oktobra 2020 nanendrena ny « Directeur de la Diplomatie Verte et des Partenariats »

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Paositra, ny Fifadraisan-davitra ary Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy Mirindra :**
Foana ny didim-panjakana laharana faha 2019-236 tamin'ny 27 febroary 2019 nanendrena ny Directeur des Projets, du Partenariat et de la Vulgarisation des TICs.

**Natao androany faha 19 May 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**